

3 jiona 2010.

21 Sivan 5770.

## Mandehàna aloha mamitram-pihavanana amin'ny rahalahinao

Noraisin'i Jesosy tsirairay ireo didy ka nasehony ny halaliny sy ny haavony. Tsy nanalefaka ny heriny Izy fa nampisehoany hoe hatraiza ny foto-pitsipika ao anatiny ka navoitran'ny fahadisoana lehibe raha mianona fotsiny amin'ny fitandremana ivelambelany fanaon'ireo jiosy isika. Lazainy fa sain-dratsy na fijery mitsiriritra dia efa manitsakitsaka ny lalàn'ny lanitra sahady. Ireo izay miray tsikombakomba amin'ny tsy fahamarinana kely iray koa ohatra dia mandika ny lalàna ka lasa mitotongana arapanahy. Mioripaka ao an-tsaina ny famonon'olona. Ireo izay mankasitraka ao ampony fankahalàna dia miroso amin'izany ka ny fanatitra omeny dia fahavetavetàna imason'Andriamanitra.

Mikolokolo valifaty ny jiosy. Mikotrika fikomiana henjana ny fankahalàny ireo Romana. Tsy misy n'inon'inona mahasarika ho an'ny jentilisa ny mody fitiavam-bavaky ny fariseo. Nambaran'i Jesosy azy ireo ny fahadisoany raha mikolokolo izany saina mpamaly faty sy fankahalàna ny mpanjanaka azy izany izy.

Marina fa misy tsy fahafaliana mari-pototra na dia eo amin'ny mpianatry Kristy aza. Tonga ao ampo ny fahatezerana izay tsy hoe fahotàna fa vokatry ny feon'ny fieritreretana matsilo raha mahita tsy fanajàna an'Andriamanitra ohatra na fanaovana antsirambina ny asany, na koa ny olo-marina hampijaliana. Saingy raha matetika no mitroatra fahatezerana isika dia manokatra ny varavaran'ny fo ho an'i Satàna. Ny fanahy te hiara-monina amin'ny lanitra dia handroaka ny fangidiana sy ny motomototra rehetra eo amin'ny fiainana.

Mbola nampian'ny Tompo aza izany ka hoy Izy: "*Ary amin'izany, raha mitondra ny fanatitrao ho eo amin'ny alitara ianao, ary eo no mahatsiaro fa ny rahalahinao manana alahelo aminao, dia avelao eo anoloan'ny alitara ny fanatitrao, ka mandehana aloha, ataovy izay hihavananao amin'ny rahalahinao, ary rehefa miverina, dia vao atero ny fanatitrao.*" (Matio 5:23,24). Betsaka no mafana fo amin'ny andraikitra ao ampiangonana kanefa manana fifandirana izay azo halamina manasaraka azy amin'ny rahalahiny. Hangatahin'ny Tompo izy hanao izay azony hatao hamerenana ny filaminana. Tsy ekena ny fanompoany raha tsy amin'izay fepetra izay ihany. Mazava tsara ny addin'ny kristianina amin'io lafiny io.

Manaparitaka ny fitahiany ho an'ny rehetra Andriamanitra. "*fa Izy mora fanahy amin'izay tsy misaotra sy ny ratsy fanahy.*" (Lioka 6:35) Manasa antsika Izy hanahaka Azy: "*Tiava izay mankahala anareo ary manaova soa amin'izay manisany ratsy anareo*" "*ary ho zanaky ny Avo Indrindra ianareo;*". Izany no votoatin'ny lalàna ary avy ao amin'io loharàno io no hikorianan'ny fiainana.

Ny tanjona hapetrak'Andriamanitra eo anoloan'ny zanany dia nasandratra ambony noho ny eritrerit'olombelona rehetra: "Aoa ho tanteraka ianareo tahaka nyfahatanterahan'ny Rainareo izay any an-danitra". Misy teny fampanantenana koa io baiko io. Tafiditra ao amin'ny drafitry ny famonjena ny fanafahana tanteraka antsika eo mbany vahohon'i Satàna. Halavitin'i Kristy ny ota mandrakariva ny fanahy torotoro fo. Tonga hanamontsana ny asan'ny devoly Izy ary efa nanomana ny Fanahy Masina hanohanàna ny olona rehetra mibebaka hiaro azy amin'ny fahotàna.

Tsy misy fialan-tsiny azo ekena amin'ny asa meloka rehetra. Faly Satàna maheno ireo izay milaza azy ho mpianatry Kristy kanefa mitady fialan-tsiny amin'ny tsy fahalavorarian'ny toetrany. Izany no mitarika amin'ny fahotàna. Azon'ny zanak'Andriamanitra izay mibebaka sy manam-pinoana ny hanana toetra sy fihetsika nohamasinina ary hiaina mitovy amin'ny an'i Kristy...Tamin'ny zavara rehetra dia natao mitovy tamin'ny rahalahiny Izy. Lasa nofo tahaka antsika; nahatsiaro noana, nangetaheta, vizaka. Tsy maintsy nihinana sy nanavao ny heriny tamin'ny torimaso Izy. Nandray tamin'ny anjara maha-olombelona Izy nefa nijanona koa ho ilay Zanak'Andriamanitra tsy manan-tsiny. Andriamanitra tao amin'ny nofo Izy. Tokony ho eo amin-tsika ny toetrany. Izao no lazainy: "*Honina eo aminy sy handeha eo aminy Aho, izy ho oloko ary Izaho Adriamaniny.*" (2 Corinthiens 6:16) -- Jésus-Christ p. 299 – 301

Vonona hanampy mandrakariva ny fitiavan'i Kristy. Raha mitoetra ao ampo izany dia tsy misy toerana ho an'ny fankahalàna ny hafa intsony ao fa hitady fomba rehetra hiheverana sy hanehoam-pitiavana manokana azy. Ny fanomezana izay aterina eo amin'ny alitara dia fanehoan'ilay manatitra izany finoana fa ny Mpamonjy azy no ahafahany manana anjara amin'ny famindram-po sy ny fitiavan'Andriamanitra. Saingy raha maneho finoana ny famindram-pon'Andriamanitra mamela heloka isika nefa mikolokolo ao ampo fanahy henjana sy tsisy antra dia zary mahatsikaiky izany.

Raha misy mampalahelo mpiara-mivavaka aminy ilay lazaina fa kristianina iray dia maneho diso ny toetran'Andriamanitra izy. Raha te hilamina ny fifandraisany amin'ny Tompo dia tokony hibaboka sy hiaiky ny hadisoany izy. Mety meloka kokoa ilay iray nefa tsy manafaka anao amin'ny andraikitrao izany. Na ahoana na ahoana dia tadiavo ilay olona izay manana fifandirana aminao ka mangataha famelan-keloka aminy rehfa avy miaiky amim-panetretena...Firifiry re ny zavadoza voasoroka raha amin'ny fanahim-pitiavana no hiarahan'ny samy mpirahalaha mifamela... Ny fanahafana ny fitiavan'ny Mpampianatra azy no hahatonga ireo mpianatr'i Kristy miray fo sy saina. – Heureux ceux qui... p. 59 - 60.

